


**Antananarivo, 26 Septambra 2014**. Vitsy sisa angamba no tsy mahalala an'i Guy Rivo Randrianarisoa izay azo lazaina fa tana-kavanan'ny Filoha teo aloha Marc Ravalomanana. Fa solombavambahoaka voafidy eto Antananarivo ihany koa izy. Ny mikasika ny fiverenan'ity farany sy ny fomba fitantanan'ny Filoha ankehitriny Hery Rajaonarimampianina no resadresany ao amin'io vidéo ambony io. Io ambany io ny fitànana an-tsoratra izay voalazan'i Guy Rivo ao.




*"Tany Afrika atsimo aho. Fa ny tena nihaonako taminy dia nantsoiny aho hiaraka aminy* (Ttf: Marc Ravalomanana)
*hanatrika ny fivoriana niaraka tamin'ireo solontena avy ao amin'ny Sadc. Tsy minisitra akory fa solontena nalefan'ny Sadc izany. Efa taty Madagasikara ireo olona ireo, herinandrao teo alohan'izay fihaonana izay, nihaona tamin'ny Filoha Ratsiraka, nihaona tamin'ny Filoha Zafy, nihaona tamin'ny Filoha ankehitriny in-droa mihitsy, raha ny tatitra natao taminay, nihaona tamin'ny Ffkm, nihaona tamin'ny ffm.*

*Ny resaka napetrany taminay fotsiny dia resaka fampodiana ny Filoha Ravalomanana: inona ny hevitry ny Filoha; inona no tokony atao,dia inona ny soso-kevitra atao, dia mitohy izany ry zareo manao izay dinika izay. Ny Filoha Ravalomanana niteny hoe: izaho vonona izao raha tianareo, alaiko ny raopilanina, tonga dia mandeha isika, fa efa misy raopilanina vonona hodiana n'aiza n'aiza ny lalàna-tsika aleha, hoy izy.*







